***Tovana A*: Dingana 1 : dinidinika iarahana amin'ireo mpiandraikitry ny kaominina**

Firenena : MADAGASCAR

Mpampiofana : RANDRIAMAHEFA Justin/ FANJATIANA Fredericke/ ONIMANANJATOVO Solonjanahary

Kaominina : AMBALAVAO Distrika Antananarivo Atsimondrano

Daty nihaonana : 12 septambra 2011

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

ANARANA SY FANAMPINY	ANDRAIKITRA SAHANINA	LAHARAN-TARIBY	ADIRESY MAILAKA
RAZANAMAHEFA Njatonirina	Ben'ny tanana	033 14 425 86	raliharimanana@yahoo.fr
RANDRIASOLOFOSATA Jeanson	Lefitry ny Ben'ny tanana		
RANIVONIRINA Mamy	Mpanatanteraka	034 10 415 75	
ANDRIANAIVO Réné	Agent recouvreur		
RALIHARIMANANA Zou	Mpitantam-bola	033 12 144 19	
RAVAOARISOA Elise	Mpitantsoratra état civil		
RASOLOARIVELO Jean Paul	Mpanatanteraka	034 04 504 30	
RABENANTOANINA	Mpanolontsaina kaominaly		
RAKOTOARINIAINA Joseph	Mpanolontsaina kaominaly	033 74 405 48	
RAKOTONDRABE	Mpanolontsaina kaominaly	034 10 425 77	
RASOLOFOARINIVO Andrianantenaina	Filohan'ny Mpanolontsaina kaominaly	034 10 415 69	

Tahan'isa:

VAVY	02	19%
LAHY	09	81%
TOTALINY	**11**	**100%**

Moa ve efa nanaiky ny hanatontosa ireo dingana maromaro napetraka momba ny "Centre d'excellence" ilay toeram-piasana?

Eny na Tsia

Moa ve efa nanaiky ny hanatontosana fanadihadiana lalina momba ny miralenta ilay toeram-piasana?

Eny na Tsia

Efa voafaritra ve ny olona handray an-tanana ny lamin'asa?

Anarana sy Fanampiny : RAZANAMAHEFA Njatonirina
TEL : 033 14 425 86
Email : raliharimanana@yahoo.fr

TATITRY NY DINGANA 1 SY NY DINGANA 2

- ***Daty, toerana:***

Ny Dingana faha-01 na stage 1 « Dinidinika niarahana tamin'ireo ekipa mpitantana ny Kaominina » sy ny Dingana fah-02 « Fanadihadiana atao amin'ireo mpitantana ifotony handrefesana ny fahalalana sy fampiharana ny Miralenta », araka ny Fanamarinam-pahatongavana (jereo Tovana A), dia notanterahina ny tontoloandron'ny faha 12 septambra 2011 tao amin'ny efitrano malalaky ny Kaominina Ambanivohitra Ambalavao Distrika Antananarivo Atsimondrano.

- ***Ireo tompon'andraikitra nanatrika ny fihaonana***

Nahitana ny Ben'ny Tanana, Andriamatoa RAZANAMAHEFA Njatonirina; ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna, Andriamatoa RANDRIASOLOFOSATA Jeanson, tamin'ny andro voalohan'ny faha 12 septambra 2011 izay niantomboka tamin'ny 09 ora maraina. Nahatratra 11 ny isan'ireo tompon'andrikitry ny Kaominina tonga niatrika ny dinidinika sy nanaovana ny fanadihadiana, ka ny 09 tamin'ireo lahy ary ny 02 vavy.

Ireo avy amin'ny mpampiofana kosa dia nahitana an-

- A/toa RANDRIAMAHEFA Justin, avy amin'ny Fikambanana A.E.S.G.
- R/toa isany FANJATIANA Fredericke sy ONIMANANJATOVO Solonjanahary avy amin'ny ONG Miarintsoa, Mpitao raharaha amin'ny Programa SAHA

- ***Dingana narahina sy ny vokatra azo***

Nosokafana tamin'ny fiarahabana sy fifampahafantarana nataon'ny Ben'ny Tanana ny fotoana, Andriamatoa RAZANAMAHEFA Njatonirina. Rehefa izany dia nandray fitenenana ny solotenan'ny mpampiofana, nanao ny fampahalalana mahakasika azy telo mianadahy avy sy ny andraikitra sahaniny ka nilaza ny antom-pisian'izy ireo manoloana ireo tompon'andrikitra kaominaly ireo. Nasiana tsindrim-peo manokana ireto voalaza manaraka ireto, dia:

1. Ny fisiana sy ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny ONG Gender Links sy ny Progarama SAHA, sy ny andraikitr'izy ireo tsirairay ao anatin'ny tetik'asa
2. Ny antom-pahatongavan'ny solotenan'ny ONG MIARINTSOA sy ny Fikambanana AESG eto Ambalavao
3. Ny fifanaraham-piaraha-miasa misy eo amin' ireo Fikambanana roa voalaza etsy ambony sy ny Progarama SAHA izay mamatsy vola amin'ny fanatontosana ireo tantsoroka sy fampiofanana hatao eto amin'ny Kaominina Ambalavao
4. Ny "processus centre d'éxcellence" eo amin'ny fametrahana ny Miralenta eny ifotony, sy ireo dingana efa nodiavin'ireo Kaominina hafa efa voasokajy ho amin'izany
5. Ny fanambarana fa ho isan'izany "centre d'éxcellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" izany ny Kaominina Ambalavao, rehefa nanaiky ireo ekipa mpitantana ny Tanàna tamin'ireo fanadihadiana natao taminy. Notsiahivina koa anefa ireo dingana samihafa mbola miandry ny Kaominina Ambalavao, ka tafiditra anatin'izany izao atrik'asa hatao izany.
6. Noentaniny koa fa tsara raha manatrika ny atrik'asa hatramin'ny fahavitan'ny Drafitr'asa kaominaly ireto ekipa tonga teto ireto, mba tsy hanavao intsony izay olona tonga vaovao antenatenam-potoana, ary mba tsy ho tapaka antenantenany koa ny fiofanana ho azon'izy ireo, ary dia nanaiky avokoa ny rehetra

Taorian'izany rehefa tsy nisy nangataka fanazavana intsony dia nirosoana ny fanaovana fanadihadiana tamin'ireto ekipa kaominaly ireto, ka nasiana fanazavana manokana ny fomba famenoana ireo taratasy misy fanontaniana karazany roa, dia ny:

- "Etudes des attitudes" izay misy fanontaniana miisa 20, ka ny hevitry ny tsirairay manokana no tiana ho azo avy amin'izany. Novakian'ny mpampiofana isaky ny andalany izany fanontaniana izany, ary noezahina ny nanome fotoana isan'andalany hahafahan'ny tsirairay mandinika tsara.
- "Carte de score" izay misy fanontaniana miisa 50. Nohazavaina tsara ny fomba fanomezana isa isaky ny andalana omena, ary dia novakiana tsirairay tpy ny teo aloha ihany izany miaraka amin'ny fotoana lavalava ahafahan'ny tsirairay manome ny heviny

Notsindriana fa fanadihadiana fanaon'ny Gender Links amin'ireo Kaominina miara-miasa aminy hampidirana ny miralenta ihany io, fa tsy miankina amin'izay tontalin'isa eo no maha « centre d'éxcellence » na tsia ny Kaominina eto Ambalavao. Nolazaina koa fa tsy asiana anarana ireo fanadihadiana ireo, ka tokony ny tena fahatsapany sy ny heviny tsy hifampierana no ataony ao, fa andraikitra fotsiny no soratana etsy ambony izay nosokajiana ho toy izao :

- « senior management » izy raha toa ka Ben'ny Tanàna na ny Lefiny ka mihoatra ny 45 Taona
- « management » izy raha toa ka Ben'ny Tanàna na ny Lefiny ka latsaky ny 45 Taona
- Mpanolontsaina kaominaly
- Ny ankoatr'izay (mpanatanteraka ny mpiasa tsotra) dia atao hoe Staff